gazety Lohan-tsokajy
febroary 2017 001



Iza moa Matio?

Matio dia isan'ny roa ambin'ny folo lahy Apostolin'i Jesoa Kristy, ary izy sy Levy dia olona iray ihany (Lioka 5:27-28), ary lazaina koa ho zanak'i Alfeo izy (Marka 2:14). Ny niantsoan'i Jesoa azy dia voalazan'ny evanjelista telo lahy, nefa eo amin'ny Matio 9:9, dia atao hoe Matio izy, fa eo amin'ny Marka 2:14, ary eo amin'ny Lioka 5:27, dia natao hoe Matio izy. Ny ankabeazan'ny Apostolin'i Jesoa Kristy dia olona nohajaina tsara talohan'ny niantsoan'i Jesoa azy; tsy mba tahaka izany kosa anefa i Matio*, fa isan'ny olona nesoina tokoa, satria farantsa na mpamory hetra ho an'ny Romana izy. Fa ny mandoa izany hetra izany indrindra no tsy tian'ny Jiosy, ary mainka fa ny mpamory azy no halany fatratra, indrindra fa raha misy Jiosy no nety nanompo ny Romana ka tonga mpamory hetra ho azy. Nefa izay farantsa nanao ny raharahany indrindra dia notendren'ny emperora tao Roma, fa izy ireo nanendry ny sasany izay ambanimbany toetra kokoa, ary rehefa azony ny vola dia nateriny tamin'ilay lehibeny, dia ireo efa notendren'ny emperora tao Roma. Ary isan'ireo farantsa ambany ireo Matio, na levy. Tao kapernaoma no nanaovan'i Matio ny raharahany. Ary tamin'ny indray andro dia nanatona ny fandraisan-ketra ny Tompo, ary raha nahita an'i Matio, Izy dia niantso azy hoe « Manaraha Ahy ». Ny sasany mihevitra fa efa nantsoin'ny Tompo talohan'izany izy, dia toy ny namelany an'i Petera sy Jaona ary Andrea hanao indray ny raharahany vao nantsoiny ho Apostoly izy, nefa tsy fantatra marina izany. Ary tsy mba nanda izany niantsoan'i Jesoa azy izany akory Matio; tsy mba nangataka andro akory izy, tsy nisalasala na nitaredretra, fa « nahafoy ny zavatra, rehetra izy, dia nitsangana ka nanaraka Azy » (Lioka 5:28). Ary nahazo ny valim-pitia tokoa Matio, fa tonga mpanao raharaha teo amin'ny fanjakan'ny lanitra izy, izay raharaha ambony lavitra noho ny fakan-ketra; ary ny fahaizany soratanana, izay nentiny nanoratra ny vola azony tao amin'ny fandraisan-ketra, nony tato aorina kosa dia nentiny nanoratra ny Filazantsara Voalohany indrindra; ary ambarapahatapitr'izao tontolo izao dia ho malaza tokoa ny anarany noho izay nanoratany hahafantaran'ny olona rehetra an'i Jesoa Kristy. Ary izay nataon'i Matio taorian'izany no mampiseho fa azony tsara ny anton'ny nahatongavan'i Jesoa, dia ny mba hitady sy hamonjy ny very, fa nanao fanasana ho an'i Jesoa sy ireo farantsa namany taloha ireo izy mba hahalala an'i Jesoa tahaka ny tenany ihany ireo ka hahazo famonjena amin'ny alanany (Matio 9: 10-13; Lioka 5:29-32). Saiky tsy misy fantatra akory ny amin'ny nahafatesan'i Matio; ny lovan-tsofina aza dia tsy azo fakaina marina ny amin'izany; angamba tsy novonoina akory izy; fa tokony ho efa maty ho azy ihany. Ary tsy fantatra marina loatra ny ny tany nitoriany teny. Misy ihany tantara sasany milaza fa dimy ambin'ny folo taona taorian'ny niakaran'ny Tompo tany an-danitra dia nandehandeha nitori-teny tao Jodia ihany Matio. Ary taorian'izany, hono, dia nankany Etiopia sy Persia sy ny tany vakin'ny ony Eofrata, hono, izy, nefa mba maizimaizina ihany koa izany, ka tsy hita loatra izay azo tantaraina ny amin'izany
(Dikisioneran'ny Baiboly)

tendro nationalY 2017

5-9 Aogositra 2017

SEMAFORO





Na dia efa tamin'ny fotoana ela azy no nampisaina ny Semaforo dia mbola mitoetra lalao mahafinaritra ho an'ny boaikely izy ity.
Ndao hilalao ary

Lalao 1 :
Manao fotokopia abidia Semaforo aloha LS ary zarainy amin'ny mpiray sokajy aminy. Mitady teny avy ao amin'ny Soratra masina ilay LS ary havadiny ho kaody semaforo izany . Hatao dika maromaro ka zaraina amin'ny mpiray sokajy. Ka izay mahita ny valiny voalohany no maharesy amin'iny lalao iny. Tsy dia ilaina loatra ny mampanao tsianjery maimbo kaody Semaforo, ny fizaran'ny sokajy milalao matetika azy no hahaizany ho azy ny kaody.
ohatra



VALINY

Sambatra ny madio am-po fa izy no ha-
hita an'Andriamanitra (Matio 5:8)

HAFATRY RY ZOKIBE

Eto am-panombohana dia tsara ihany ny manamarika fa tsy nasiana famaritana mihitsy hoe isaky ny inona no mivoaka ny gazety. Ezahina ihany anefa ny hamoaka azy isam-bolana araka izay tratra. Ny tanjona tena tiana ho tratrarina dia ny hahafahan'ny Faritany, ny Faritra, ny Vaki-paritra, ny fivondronana, ny antoko mamokatra gazety azon'ireo Lohan-tsokajy hampiasaina avy hatrany.

Eo ihany koa ny tohana amin'ny fanofanana lohan-tsokajy, ka natao ho an'ny mpiandraikitra ihany koa ny gazety. Hamafisina hatrany fa ny endrika fanofanana LS dia ilay antsoina hoe « Haute Patrouille », mbola vao eo ampitadiavana ny teny malagasy tsotra mety mahalaza azy izahay, fa sosokevitra ihany no aroso eto ka atao hoe « Bekotro ».

Raha tenenina amin'ny fomba fohy ny atao HP dia sokajy ivondronan'ny LS sy ny Mpiandraikitra, indraindray dia aza asaina manokana ny SLS. Ka ny Mpiandraikitra tompon-toerana ny Lohan -tsokajy, ary ny mpiandraikitra mpanampy no SLS. Ny sahan'asa atao dia pratika avy hatrany. Ka io ohatra omen'ny mpiandraikitra io no ataon'ny LS fitaratra.

Ezaka iombonana no ataontsika ka eto amin'ny laharana ity dia ny handalina manokana mahakasika ny Filazantsaran'ny Matio isika. Betsaka ny sahan'asa azo atao fa dia mahereza daholo.

FOIBE MAITSO

Lalao 2

Tena ilain'ny boaikely ny manana sarintsary an-tsaina zavatra maro. Eto amin'ny lalao ity dia manao fotokopia maromaro amin'ity sary eto ambany ity ilay LS avy eo dia hetezany ary zaraina amin'ny boaikely mpiray sokajy.

Efa nomanina mialoha mba samy hitondra penisilihazo miloko avy.

Omena fotoana mandritra ny 15 minitra izy ireo handokoany ny sary.

Izy samy izy ihany no asaina mitsara ny lalao ka samy manome isana 5 ka hatramin'ny 10 amin'ilay sary iray ny mpilalao tsirairay. Afatsy ilay tompon'ny sary ihany no tsy manome isa. Ary ao anatin'ny manome isa ny LS. Dia izay be isa indrindra no maharesy. Izany no atao dia ho fanabeazana ny tily hampihatra ny LALANA SY FANEKENA

« Ary nony niala teo Jesosy, dia nahita lehilahy atao hoe Matio nipetraka teo am-pamorian-ketra*, ka hoy Izy taminy; Andeha hanaraka Ahy. Dia nitsangana Matio ka nanaraka Azy.[*Dia ny hetra sy ny fadin-tseranana, etc] » (Matio 9:9)

Lalao 3

APOSTOLY

Tsy mpampilalao fotsiny akory ilay LS fa afaka miara-milalao amin'ny mpiray sokajy.

Toy izao indray ary ny lalao antsika. Ny tanjona dia ny hahafantatra ny anaran'ny apostoly 12 lahy.

Fitaoavana : Baiboly na filazantsara 1 isaky ny mpilalao. Taratasy 1 avy isaky ny mpilalao, stilo iray avy isaky ny mpilalao.

Toerana : Kianja malalaka mitovitovy amin'ny kianjana Basikety

Fizotrany :

Manoritra tsipika fiaingana, ary avy eo dia apetraka eo amin'ny 15 na 20 m miala amin'ilay tsipika ny baiboly. Omena azy ny Matio 10:2 -4.

Rehefa manome baiko ny mpampilalao dia mihazakazaka mankeny amin'ilay baiboly ny mpilalao manokatra io andinin-tSoratra Masina io ao anaty baiboly dia miverina manoratra izany eo amin'ny tsipika fiaingana. Anarana iray ihany no soratany. Dia miverina indray manao toy ny teo ihany. Tokony hiverina in-12 izany ilay mpilalao iray. Izay mahavita manoratra ny anaran'ny Apostoly voalohany no maharesy.

Lalao 4

DIKA TENY

Fitaovana : Taratasy kely maromaro misy andin-TSoratra Masina iray amin'ny Teny Malagasy ao anatiny. Ka manomana andiny 10. Atao mitovy amin'izay fa ny dikany tamin'ny baiboly teny Frantsay indray no atao.

Fizotrany :

Afangaro tsara ao aty satroka ireo taratasy 20 ireo. Ka rehefa manome baiko ny mpampilalao dia mandahatra azy mifanitsy ny mpilalao. Marihina ny fepotoana nahavitan'ilay mpilalao nandahatra azy rehetra.

Izay manana fepotoana kely indrindra no maharesy.

(Jereo matio 5:2-12)

Lalao 5
Miainga avy amin'ny Matio 9:9-12 Ataon'ilay LS fotokopia ny sar y dia zarainy amin'ny mpiray sokajy. Avy eo ampitenen'izy ireo sary ka soratana eoambany ilay tantara.




FIFANDRAISANA
Sihotsy mandala—0331461377—
ralayrand@gmail.com
Takatra Mahefa –0340204072
Jakala Milefitra – 00359928
Ledronga Sahy –0331734133
Bandro Manoa - 0330202821
Hora Mitozo-0330740940
Langaroka Mikolo-0340506773

SCOUTS®
Créer un Monde Meilleur
World Organization of the Scout Movement
Organisation Mondiale du Mouvement Scout
Всемирная Организация Скаутского Движения
Organización Mundial del Movimiento Scout
المنظمة العالمية للحركة الكشفية